## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**25/01/20 hatramin'ny 02/02/2020**

- **NOUVELLE** (Rue Inira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près Luxor) 020 22 228 37
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAMY** (67Ha Nord Est) 020 22 318 21

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 1008-01-2020
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### TANY 60000 HA SY NY ARABO

# Ny marina momba ny Projet Bas Mangoky

Ny lemak'i Bas Mangoky dia lemaka lehibe tokoa any amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Nisy ny fampiasam-bola nataon'ny fanjakana Malagasy hatramin'izay, mba hanajariana io lemaka io, ho fambolem-bary ho an'ny tantsaha.
Tamin'ny taona 1999 dia nisy fisamboram-bola tamin'ny Banky Afrikanina momba ny fampandrosoana, na ny BAD nanaovana tohadrano sy lakandrano hanondrahana ny tany hambolem-bary. Vola mitentina 23, 5 tapitrisa dolara amerikana, no nosamborin'ny fanjakana tamin'izany. Projet de Réhabilitation du Périmètre de Bas Mangoky, na PRBM no anaran'ilay projet na tetikasa. Ny fitondrana Marc Ravalomanana no nitantana ny vola sy ny tetik'asa tamin'izany. Tena mahavoka-bary tokoa io lemaka Bas Mangoky io, satria manodidina ny 6 taonina isaky ny hekitara no vary vokatra ao. Tapitra tamin'ny taona 2009 io tetik'asa io. Tamin'ny fifaninanana voly vary, na ny concours Agricole nataon'ny fitondrana Ravalomanana dia tantsaha avy ao no nahazo ny loka voalohany tamin'ny taona 2003, izay nahavokatra vary mihoatra ny 10 taonina isaky ny hekitara. Mbola nisy tantsaha mpamboly vary avy ao ihany koa nahazo loka tamin'ny fifaninanana voly vary ny taona 2004 sy 2005. Izany hoe tena mamokatra tokoa io lemaka io. Marihina fa anisan'ny fotodrafitr'asa tsara indrindra eto Madagasikara no vita ao Bas Mangoky.
Nangataka fanitarana an'io tetik'asa io ny fitondrana Ravalomanana tamin'ny taona 2008, na ny PRBM II ary efa nanaiky izany ny Banky Afrikanina momban'ny fampandrosoana (na ny BAD), saingy noho ny fanongana-panjakana ny taona 2009 notarihan'i Andry Rajoelina dia nofoanana izany.
Ny fitondrana Rajaonarimampianina indray avy eo no nanohy ny fangatahana ary neken'ny BAD izany ny taona 2014. Mitentina 59 tapitrisa dolara amerikana indray ny tetik'asa Projet d'Extension du Périmètre de Bas Mangoky, na ny PEPBM. Nisy ihany koa ny fanaovana tohadrano vaovao tao Bevoay, izay efa vita soa amantsara izany, mba hahafahana manitatra ny velaran-tany azo volena vary.
Raha atambatra izany dia mitentina 82,5 tapitrisa dolara amerikana ny trosa nalain'ny fanjakana Malagasy nanaovana fotodrafitr'asa, mba hahafahan' ny tantsaha Malagasy mamboly vary ao Bas Mangoky. Ny Malagasy sy ny taranany no handoa io trosa io. Ny mahagaga dia ny Arabo indray izany no hahazo tombontsoa amin'ireo fotodrafitr'asa namboarina any Bas Mangoky ireo, fa tsy ny tantsaha Malagasy. Ireo Arabo ireo dia hamantambonina fotsiny. Tsy lazaina intsony ny tany homena, ny marimarina kokoa tsy homena azy ireo maimaimpiana fa hofainy, fa raha ny tokony ho izy dia ireo tantsaha efa ao ireo no tokony homena hanitatra ny tany efa voleny. Ny vahoaka Malagasy izany no mitrosa vola any amin'ny BAD ary mbola handoa izany trosa izany dia ny Arabo no homena tombontsoa ? Tena efa tsy rariny intsony izany fa fanambaniana ny Malagasy. Moa hanaiky an' izany ve isika Malagasy ?

***Stefa***

### Ezaka vita tamin'ny asa

# Mpiasan'ny Ravinala Airports miisa 77 notolorana medaly



Ny herinandro lasa teo, mpiasan'ny Ravinala Airports miisa 77 no notolorana medaly noho ny asa vitan'izy ireo teo amin'ny sehatry ny asa, tao anivon'ity orinasa ity. I4 tamin'ireo mpiasa nahazo medaly alimo, I7 notolorana medaly volafotsy ary 46 nahazo medaly alimo sy volafotsy. Navoitran'ny tale jeneralin'ny orinasa, Patrick Collard, nandritra izany lanonana fanolorana mari-pankasitrahana teo amin'ny asa izany, ny ezaka sy ny finiavana nananan'ireo mpiasa 77 mianadahy tao anivon'ny orinasa. Ho fampahombiazana ireo mpiasa amin'ny asa sahaniny, nisy hatrany ny fanofanana nomena an'izy ireo hatramin'ny taona 20I7, na teto an-toerana, na tany ivelany, mitentina hatramin'ny 539 tapitrisa Ar ny tetibidin'izany fanofanana izany.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 308**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0307)

***Mitsivalana***
- Gara - Ela
- Mahery (Miv)
- Tanimbary
- Aby- Bory
- Aina (Miv)
- Anatra
- Anio (Miv) - Ha

***Mitsangana***
- Gitara
- Bara (Miv) - No
- Reninay
- Ahy - TN
- Ambara
- Embona
- Ary - Aoriana

### TENY MIFANAPAKA N° 308




**Mitsivalana**

**1.** Kijeja - Vovoka (BL) **2.** Vahoaka - Fisotro (Miv) **3.** Lapan'ny Mpanjaka - Sahala **4.** Firinga (Miv) - Tsy manaiky (Miv) **5.** Faran-teny - Aza tsaroana **6.** Mandoro - Solfa **7.** Bibilava (Miv) - Dadanay **8.** Bika aman'endrika (Miv) - Aleha (Miv) **9.** Kanto - Ao amin'ny Baiboly - Mpanoritra **10.** Tsy marina (Miv) - Asa

**Mitsangana**

**A.** Biby manan'elatra - Reraka **B.** Tandindona - Trondro (Miv) **D.** Fananana izay dimbiasina - Nitsipaka (Miv) **E.** Diovina (Miv) **F.** Naoty - Arehitra **G.** Diky - Eo amin'ny vatana (Miv) **H.** Mpanondro manolotra **I.** Hasaina **J.** Isa omena - Hery sy tanjaka **K.** Lavitra tsy hita maso - Tapaho

### Valiny Teny mifanaraka 0307

**Mitsivalana**

**1.** Fianaranao **2.** Ilo - La **3.** Soloanareo **4.** Tafa (Miv) - Ony **5.** (G)ony - Manja **6.** As - Foara **7.** Lay - Eso **8.** Ankafizinao **9.** Naot(y) - Ny - Iv **10.** Avia (Miv) - Antsy

**Mitsangana**

**A** Fisa - Alàna **B.** Ilofosanay **D.** Nlaloa (Miv) - Voky (Miv) **E.** Fito (Miv) - (S)ata **F.** Ala- Feo (Miv) **G.** Ranomasina **H.** Nizorana (Miv) **I.** Nirina **J.** Siny (Miv) **K.** Fanoto (Miv) - Avy